FANOVANA MIFOTOTRA AMIN'NY FAHAMARINANA

ANDIANY3

MAMANTATRA NY FAHAMARINAN'Atra & IREO LAINGAN'NY SATANA

TORO LALANA HO AN'NY MPIANATRA

3.1 Afaka mitondra fanovana isika

Vakio Lioka 7:11-17

Zavatra 8 azontsika ianarana amin'ny alàlan'ny tantaran'olona iray nitondra fanovàna.

1. **Nahatsikaritra azy Jesosy.** Betsaka ny olona tao anatin'ireo vahoaka marobe. Ireo mpianatry Jesosy dia mbola nientanentana noho ny fahagagana vao hitany. Na izany aza dia nahatsikaritra ilay vehivavy Jesosy tao anatin'ny vahoaka marobe. Raha te ho tonga olona mitondra fanovana isika dia tokony ho olona mahatsikaritra ny hafa. Tokony hahita ny tsirairay fa tsy ny vahoaka be fotsiny.

2. "**Onena azy Izy**." Raha te hitondra fanovana isika dia tokony hanana fo onena. Tokony onena raha mahita ny filàn'ny hafa. Matetika no manakipy maso sy tsy miraharaha intsony isika. Inona no ataontsika raha mahita mpiara-monina ao anatin'ny filàna? Inona no ataontsika raha mahita renim-pianakaviana nilaozan'ny vadiny na olona antitra lasa mikarakara zaza mbola tanora? Onena izany ve isika? Angataho Andriamanitra hanome anao fitiavana bebe kokoa ny fiaraha-monina misy anao. Angataho Andriamanitra haneho anao ireo olona ao anaty fiaraha-monina tahaka ny ahitany azy.

3. **Nampahery azy Izy.** Matetika ny olona no mila olona hikarakara sy hampahery azy. Mora ny mieritreritra fa mila loharanon-karena mba hahafahana manampy ny hafa nefa matetika ireo izay tena mila fanampiana dia mila olona hikarakara sy hampahery azy.

4. **Nikasika ny vatam-paty Jesosy.** Rehefa nanao an'io Jesosy dia nanao zavatra tsy tokony hatao raha araka ny fomban-drazany. Amin'ny Jiosy dia tsy azo atao ny mikasika vatam-paty fa mampaloto. Nanaiky ho tonga maloto Jesosy hanampiany ny hafa. Mila manana fahavononana handray risika sy haloto isika raha te hanampy ny hafa. Mety hiteny mikasika antsika ny olona na tsy hankasitraka izany saingy tokony hanao izay asain'Andriamanitra ataontsika isika.

5. **Misy hery ao amin'ny tenin'Andriamanitra sy ny vavaka.** Rehefa nivavaka Jesosy dia nitsangana tamin'ny maty ilay olona. Aza manadino mivavaka rehefa miatrika toe-javatra ianao. Makà fotoana mivavaka ho an'ny olona. Ny fanaovana izany dia finoana marina fa Andriamanitra dia afaka manova ny toe-javatra ary mitsinjo ny karazam-pilàna rehetra. Ampianaro hivavaka ny olona hahafahany mahita koa ny herin'Andriamanitra.

6. **Nisy vokany izany.** Nitsangana tamin'ny maty ilay tovolahy. Tokony hahita vokatra amin'ny asa izay ataontsika isika. Raha te hanampy ianao dia manomboha amin'ny zavatra kely mora ataonao. Raha mahomby ianao dia hampientana ny olona izany ary betsaka ny hafa no lasa te handray anjara amin'izany. Avy eo dia ho vitanao ny hanao zavatra sarotsarotra kokoa.

7. **Natolotry Jesosy ny reniny ny zaza ary nandao azy ireo Izy**. Ilay reny no olo-malaza eto. Izy no nilaza ny zava-drehetra. Izy no lasa olona manan-daja indrindra. Rehefa manampy olona isika, dia mila ataontsika azo antoka fa tsy miezaka ny ho hitan'ny olona isika ka ho lasa ivon'ny fijerin'ny rehetra. Aleo ny olona no hamiratra raha milaza amin'ny hafa izay zavatra nitranga. Hanorina ny mahaizy azy izany raha tsy isika no misefaka maka ny laza rehetra.

8. **Mahazo voninahitra Andriamanitra.** Amin'ny farany, ny voninahitra dia tokony hiverina amin'Andriamanitra. Mandrakariva dia tsara atao azo antoka fa raha vita ny zavatra rehetra dia Andriamanitra no tokony hoderaina.

4.1 Fandinihana ny bokin'I Matio

Vakio Matio 25:14-30

Andininy 16-18

- Nataon'ireo mpanompo ahoana ny talenta nananany?

- Afaka mampitovy tena amin'ireo mpanompo nampiasa ny talentany ve ianao sa amin'ilay iray izay nanafina izany?

Andininy 19-23

- Inona no nataon'ilay tompo raha niverina izy?

- Inona no nolazainy tamin'ireo izay nampitombo ny talentany?

Andininy 24-28

- Inona no olan'ilay mpanompo nanafina ny talentany?

- Inona no nolazain'ilay tompo taminy?

- Inona no heverinao fa antony tsy ampiasan'ireo mpino maro ny talentany?

- Inona no azontsika atao?

4.2 Miala amin'ny fialan-tsiny

Fialan-tsiny matetika heno mahazatra

Ny Olona antitra*"Oh, Raha mbola tanora mantsy aho, dia ho nanan-kery hanompo an'Andriamanitra amin'ny talenta nananako. Zao dia efa antitra aho sady reraka."*

Ny Tanora*"Oh, Raha mba olon-dehibe kokoa aho dia afaka nahataona olona hanompo ny Tompo amin'ny talentako. Sarotra izany ankehitriny satria tanora loatra aho."*

Ny mpandraharaha*"Oh, Raha mba nanam-potoana aho mantsy. Tototry ny asa loatra aho ka tsy manam-potoana mihitsy hanampiana ny hafa."*

Ny olona tsy nianatra*"Oh, Raha mba nianatra kokoa aho mantsy. Izao aho tsy mahay izay teolojia. Ny pasitera ihany no afaka manampy ny hafa satria izy no nianatra Baiboly sy niofana ho amin'izany."*

Ny olona mahantra*"Oh, Raha mba nanam-bola bebe kokoa aho mantsy dia tena afaka nanompo ny Tompo. Tena mahantra loatra aho ka tsy afaka hanampy ny hafa."*

Fifanakalozan-kevitra anaty vondrona madinika

- Iza amin'ireo fialan-tsiny ireo no efa nampiasainao?
- Inona amin'ireo fialan-tsiny ireo no matetika henonao teninin'ny hafa ao am-piangonana?
- Inona no fialan-tsinin'ilay mpanompo nanafina ny talentany?
- Neken'ilay tompo ve izany fialan-tsiny izany?
- Heverinao fa azon'Andriamanitra ekena ve ny fialan-tsiny ataontsika?
- Inona no tokony hataontsika hihoarantsika ireo fialan-tsiny ireo?